Septembre 2012 - n°23 - Isaky ny telo volana

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

La Voix des (rizi)pisciculteurs

LVRP

Trimestrielle

SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,
Mahafaly anay ny manolotra anareo ity laharana faha-23 ny LVRP ity. Tsy dia miresaka teknika loatra isika amin'ity fa ndeha hozahana koa ireo lafiny hafa izay iankinan'ny fampivoarana ny seha-pihariana trondro (Varotra, fitsidihana fifanakalozana, fikambanana samihafa). Manamarika ny fahamatoran'ny asa fiompiana trondro izany eo amin'ireo Faritra samy hafa voalaza ato anaty gazety.
Nanaiky ny ho vahinintsika Andriamatoa TSIRAFY Daudel Velson. Hainy tokoa ny nanandratra indray ny fiompiana trondro ao amin'ny Faritr'Amoron'i Mania iadidiany. Ezaka izay mbola katsahana hoampitomboina bebe kokoa raha ny voalazany.
Ho tapitra ny volana novambra izao ny tetikasa Bassin Versant et Périmètres Irrigués (BVPI) rehefa nampiroborobo ny fiompiana trondro nandritra ny telo taona. Ho hitantsika ato ny fomba isan-karazany entin'ny mpiompin'ny Vakinankaratra sy Amoron'i Mania mankasitraka ny fiarahana. Ary hofaranan'izy ireo amin'ny tononkalo izany ho fehim-boninkazo hifametraham-beloma...

Mazotoa mamaky !
Ny ekipa LVRP

EDITORIAL

Lecteurs, lectrices, chers amis de la pisciculture,
Nous sommes heureux de vous offrir ce 23éme numéro de LVRP. A la différence des précédents numéros qui étaient plus tournés vers le côté technique de la profession, ce numéro est centré sur l'aspect organisationnel (Commercialisation, visite échange, association). Nous y décelons d'ailleurs un signe encourageant de maturité de la profession piscicole, et ce dans la plupart des Régions représentées dans ce journal.
M. TSIRAFY Daudel Velson a accepté d'être l'invité de ce numéro. En tant que directeur Régional des Pêches et des Ressources halieutiques, il a su redresser la situation piscicole dans la Région d'Amoron'i Mania, et son interview nous dévoile qu'il compte bien redoubler de réussite !
L'appui à la pisciculture à travers le projet Bassin Versant et Périmètres Irrigués (BVPI) prend fin au mois de Novembre. Les pisciculteurs du Vakinankaratra et ceux d'Amoron'i Mania rendent hommage à ce projet à travers leurs différents témoignages. Enfin, ce numéro est clôturé par le poème d'un bénéficiaire, en guise de bouquet final...

Bonne lecture à toutes et à tous !
La Rédaction LVRP



SOMMAIRE

- **INTERVIEW :**
  M. TSIRAFY Daudel **P. 2**
- **PROFESSION PAYSAN :**
  - La plate-forme pisciculture **P. 6**
  - Made in Haute Matsiatra **P. 8**
- **PARTENARIAT :**
  Paysans relais ? **P. 9**

LES PARTENAIRES FINANCIERS

Projet BVPI/SEHP
AFD
La Fondation Air Liquide
Région Basse Normandie
Région AQUITAINE
La Fondation AnBer

Toerana fanontana : creacom - Tél : 44 498 45 - Ambohimena Antsirabe - Natonta ny : septambra 2012 - 1100 isa - 1100 exemplaires - Voapetraka ara-dalàna : oktobra 2012

Atoa TSIRAFY Daudel Velson no vahinintsika ka isaorana azy lehibe. Natoritory ny lafin'ny fiompiana trondro tao Amoron'I Mania teo aloha. Izy anefa no tompon'andraikitra voalohany ny fampiroboroboana izany fiompiana izany ankehitriny. Milaza ny ezaka vita izy ary manana tanjona maty paika momba ny ho avy.

LVRP : Iza moa ianao Tompoko?

T.D.V.: Chef de service regional ny jono aho ny taona 2010 fony mbola nizara telo ny ministera dia ny fambolena, ny fiompiana ary ny jono. Voatendry ho talem-paritry ny jono ny taona 2011 ary nahazo birao vaovao ny ministeran'ny jono. Nifanojo tamin'ny nahatongavan'ny tetikasa fiompiana trondron'ny BVPI sy ny APDRA ny volana May 2011 teto amin'ny Faritra Amoron'I Mania.

LVRP : Inona tompoko no azonao lazaina mikasika ny fiompiana trondro eto amin'ny Faritra Amoron'i Mania sy ny olana sedrainy?

T.D.V.:Ny fiompiana trondro eto amin'ny Faritra Amoron'i Mania dia tena mahavelom-bolo ary misy fanantenana be dia be nanomboka tamin'ny taona 2011. Raha hitarina dia ho lasa mpanondrana trondro ity faritra ity afaka 3 taona raha atao ny tombatombana satria manana velaran-tany lonaka 40 000ha voavoly vary. Ny olana anefa dia tsy ampy ny zana-trondro. Misy koa ilay fomba fiteny avy aty amin'ny faritra manao hoe:"ny anaran-dray tsa mifify" izany hoe tsy azo tampohina hany ka sarotra ny manentana ny olona hanao tata-belona hiompiana trondro satria tsy te hanary ny fombandrazany izy.

LVRP : Nandritra izay 1 taona mahery niarahana niasa tamin'ny BVPI sy APDRA izay, inona no zavatra nisongadina hitanao?

T.D.V.:Ny zavatra hitako nisongadina dia nisy foana ny zava-baovao dia ny teknika vaovao entina hanamorana ny fiompiana trondro. Efa tamin'ny taona 1993 no efa nisy ny tetik'asa fampiroboroboana ny fiompiana trondro nefa tsy naharitra izany fa nandalo fotsiny. Ttamin'ny 2007 aho no nanomboka niasa teto Amoron'i Mania fa mbola tsy dia hita nisongadina loatra ny fiompiana trondro. Ankehitriny kosa tonga ny BVPI niaraka tamin'ny APDRA hanentana ny olona ka hitako fa nifoha tamin'ny torimasony indray ny fiompiana trondro. Raha ny tsenabe Fihaognana 3 teo izao dia ny tranoben'ny tantsaha no nikarakara io tsenabe io fa ny ministeran'ny jono no nanokatra tamin'ny fomba ôfisialy. Midika izany fa laharam-pahamehana ny fiompiana trondro ary tsy vitsy ireo tantsaha mpandray anjara no nampiranty ny trondro novokariny tao amin'ny trano heva.

LVRP : Inona kosa ny vinavinanao mikasika ny fiompiana trondro eto amin'ny Faritra Amoron'i Mania

T.D.V.: Ho an'ny mpitondra fanjakana sy ny tetik'asa, ny vinavinako dia ny mba hisian'ny fizarana zana-trondro tahaka ny nataon'ny fanjakana tamin'ny revolisiona maintso. Anisan'ny zavatra angatahina amin'ny tetik'asa AROPA moa izany vinavina izany amin'izao fotoana izao. Satria raha tsy misy ny fanampiana ara-bola dia tsy ho tafavoaka isika. Mirary koa izaho raha mirary ny mba hitohizan'ny tetik'asa APDRA hatrany hahafahana manandratra avo ny fiompiana trondro izay isaorako etoana ny tsy ifantohany afa-tsy ny fiompiana trondro.

LVRP: Misy hafatra ve atsidikanao ho an'ny mpamaky?

T.D.V.: Azo atao ny mamerina ny tsy misy ho lasa misy nohon'ny fisian'ny teknika vaovao. Tombony ho an'ny faritra Amoron'i Mania ny fananany velaran-tany 40 000ha azo volena vary sy hiompiana trondro. Raha atao mantsy ny kajikajy dia mahazo trondro 400kg/ha isan-taona ny tantsaha, mbola tsy tafiditra ao anatin'io aza ny zana-trondro sy ny voly ririnina. Raha izany mantsy no tanteraka dia ho tratra ny tanjona afaka 3 taona.

Nous remercions M. TSIRAFY Daudel Velson d'avoir accepté de répondre à nos questions. Il fût une époque où la pisciculture a connu un moment de veilleuse dans la Région d'Amoron'i Mania. Plus maintenant et ce, grâce à son concours. M. Daudel nous parle non seulement du progrès constaté mais aussi de ses objectifs ambitieux.

LVRP : Pourriez vous vous présenter?

T.D.V.: Depuis l'année 2010, le Ministère de l'agriculture de l'élevage et de la pêche s'est divisé en 3 ministères distincts. Après avoir travaillé au sein de département de la pêche Amoron'i Mania en tant que chef de service de la pêche et des ressources halieutiques, je suis nommé Directeur régional de la pêche et des ressources halieutiques dans la Région d'Amoron'i Mania. Le bureau du ministère de la pêche a été inauguré au mois de Février 2011. BVPI avec l'APDRA est arrivée dans la Région Amoron'i Mania au mois de mai 2011.

LVRP : Que pensez vous de la pisciculture dans la Région d'Amoron'i Mania et les problèmes rencontrés?

T.D.V.: Je nourris beaucoup d'espoir pour la pisciculture dans cette région depuis l'année 2011. D'après mon estimation, cette région pourra être exportatrice de poisson frais, au vu de l'existence de 40 000ha de périmètre irrigué adapté à la riziculture. Par contre, les problèmes rencontrés par la pisciculture à Amoron'i Mania sont : l'insuffisance des alevins, il ya aussi le proverbe « ny anaran-dray tsa mifify » cela veut dire qu'on ne peut pas changer du jour au lendemain l'héritage. Face à ce proverbe, il est difficile pour nous de sensibiliser les paysans sur l'insertion de digue, les paysans ne veulent pas délaisser leur coutume.

LVRP : Depuis 1 an de collaboration avec BVPI et l'APDRA, quel est le point essentiel que vous avez constaté ?

T.D.V.: Je trouve qu'il a y toujours de nouvelle technique pour faciliter la pisciculture. Depuis 1993, il y avait pas mal de projet qui travail dans ce domaine, mais ce n'était pas de façon pérenne. Depuis mon arrivée en 2007 en Amoron'i Mania, j'ai constaté que la pisciculture n'est pas encore une pratique courante. Mais actuellement l'arrivée de l'APDRA, qui octroie des appuis techniques, stimule les pisciculteurs. Pour la foire Fiahaognana 3 de cette année par exemple, la maison des paysans organise cette foire, mais c'est le ministère de la pêche et des ressources halieutiques, représenté par le secrétaire général , qui a ouvert officiellement la foire. Cela veut dire que la pisciculture est la filière prioritaire de la Région, de plus pas mal des paysans pisciculteurs exposent leur production sur le stand.

LVRP : Quelles sont vos perspectives d'avenir sur la pisciculture de la Région d'Amoron'i Mania ?

T.D.V.: Pour l'Etat et le projet de développement rural, je souhaite qu'il y ait une subvention de l'Etat sur les alevins, à l'image de la politique de la révolution verte. Actuellement, cette demande de subvention est déjà déposée au projet AROPA. A mon avis, s'il n'y a pas de subvention des alevins, la pisciculture ne sera pas en essor. Je souhaite aussi la continuité de l'activité de l'APDRA dans la Région Amoron'i Mania, je remercie l'APDRA qui consacre leur temps sur le développement piscicole.

LVRP: Avez-vous des messages à transmettre à nos lecteurs ?

T.D.V.: Il est possible de transformer l'impossible vers le possible grâce à l'existence de nouvelles techniques. L'existence de 40 000ha cultivables (rizipisciculture) est un véritable atout pour cette région. Et si mon estimation de production de 400kg/ha/an, avec le grossissement de contre saison et la production d'alevin s'avère juste, alors l'objectif sera atteint et cette région deviendra exportatrice de poisson d'ici 3 ans.

VAKINANKARATRA

NITARIKO NY FIOMPIAKO TRONDRO

J'AI ETENDU MON ACTIVITE PISCICOLE

Vondrona Mpiompy trondro
Groupe de pisciculteurs
Vinany-Ankazomiriotra

Vondrona tantsaha avy amin'iny ilany andrefan'I Vakinankaratra, nahita sitraka tamin'ny fiompiana trondro no maneho ny antony nirosoany lalindalina amin'ity fiompiana ity. Misy amin'izy ireo no vao sambany niompy ara-teknika, tao no nioty trondro ihany taloha fa tsy afa-po. Etsy ary hofantarina ny lalana nizorany ka nandraisany fanapahan-kevitra ho tena sahy tokoa.

Ce groupe de pisciculteurs a trouvé de l'intérêt en pisciculture. Ils nous expliquent dans cet article la cause de leur décision d'aller plus loin dans cette option. Ils ont vécu différemment leur début en pisciculture mais leur pied d'égalité était l'insatisfaction dans la production. Que s'est--il passé depuis?

Fahiny, ny fiompiana noenti-paharazana no natao, indrindra an-dobo. Nisy ny vokatra azo fa kely, zara raha nisy ho an'ny fianankaviana hany ka faly ery fa hoe nitombo sy niteraka ny trondro. Nony taty aoriana dia voasarika izahay tamin'ny tetikasa fiompiana trondro nentin'ny APDRA tamin'ny alàlan'ny tetikasa BVPI teto Vakinankaratra satria, nisy ny fiofanana maimai-mpoana izay tsy novidiam-bola. Teknika nomen'ny APDRA izay mivelatra amin'ny tontolo ambanivohitra.

Visite post reproduction chez un pisciculteur -Marovano- Vinany

Au début, on pratiquait l'élevage traditionnel, c'était dans un étang. Côté production, on obtenait des résultats dont on était content car les poissons grossissaient et pondaient. Mais c'est symbolique car c'était très insuffisant, nous ne subvenions même pas à notre propre consommation. L'existence des formations gratuites sur la technique que proposait l'APDRA à travers l'appui de BVPI, et qui était bien vulgarisé dans le monde rural nous attirait.

Mitondra voka-tsoa lehibe ho anay izany satria mitombo ny fahalalàna, mitombo ny vokatra azo, ary miakatra ny faripiainana.Tapa-kevitra àry ka nanitatra ny fiompiana satria efa voafehy ny ara-teknika eo amin'ny fampiterahana zanatrondro sy ny fanatavizana. Noho izay, tianay ny milaza fa hatramin'ny nanarahana ny tekinika nampianarin'ny teknisianin'ny APDRA dia nahavelom-bolo tokoa ny vokatra azo amin'ny fiompiana trondro. Tafahoatran'ny vokatra nantenaina mihitsy aza ny vokatra hita.

En plus de l'augmentation de la production et du revenu, nos connaissances de pisciculture s'améliorent grâce à ce projet. C'est principalement notre maitrise des techniques piscicoles (sur le grossissement et l'alevinage) qui nous a amené a faire l'extension de cette filière à l'ensemble de l'exploitation. Nous tenons à faire remarquer que depuis l'application de la technique diffusée par l'APDRA, nous avons constaté une amélioration de la production, et que cette filière est prometteuse...

Ankehitriny, voatendry ho tantsaha fitaratra nahazo fiofanana izahay izao. Eto izahay dia manambara fa nohon'ny fanentanana, fampianarana, torohevitra izay nomen'ireo tompon'andraikitra ao amin'ny APDRA, indrindra indrindra ny tekinisianina izay tsy nikely soroka amin'ny fampitana ny teknikam-pamokarana, dia miezaka hahafehy tsara ny fampihofanana ara-tekinika. Manana vokatra tsara, ampy amin'ny filàn'ny mponina. Manana tanjona hoentina hampivoarana ny tokatrano sy ny fiarahamonina, ary hampianatra azy ireny amin'ny fampiofanana ara tekinika sy hitarika azy reo ihany koa amin'ny fampitomboana ny fahalalany.

Appui conseil chez Dédé- Ankamory - Ankazomiriotra

En tant que paysans relais, la sensibilisation, la formation et les conseils fournis par l'équipe de l'APDRA nous ont permis de bien maîtriser les différents objets de la formation. Actuellement nous faisons le maximum pour assurer des produits de qualité et pouvant couvrir les différentes demandes. Nous souhaitons être en mesure de répondre aux exigences de nos clients, qu'ils soient consommateurs ou autres. Chaque paysan relais a comme objectifs d'améliorer sa vie de familiale, la vie sociale en générale, et de vulgariser les techniques diffusées par l' APDRA.

ITASY

FIOMPIANA TRONDRO AN-TANIMBARY: OMANO NY FAHAVONONANA FA IO NO ENTI-MANANA LEHIBE INDRINDRA

RAKOTONDRAMANANA Justin Manarivo
Mpiompy trondro- Pisciculteur

Ao anatin'ny fotoana fiomankomanana amin'ny fampidirana trondro an-tanimbary izao aty amin'ny Faritr'Itasy. Efa mamaramparana ny fikarakarana ireo fanajariana rehetra ilaina amin'izany ny tantsaha tsirairay. Anisan'izany Andriamatoa RAKOTONDRAMANANA Justin Manarivo, Ray Aman-dreny lehibe iray monina ao amin'ny tanànan'Ambohijatovo, Fokontany Andranomanoa, Kaominin'I Soavinandriana, maniry ny ho matianina amin'ny asa fiompiana trondro.

Les diguettes surélevées de 1,20m pour la sécurité des poissons

Na tsy nahazo fiofanana aza dia efa nanandrana niompy trondro ihany izy tamin'ny taona 1989, 500 isa no nampidiriny tamin'izay fotoana izay, ka 25 ihany no sisa tazana rehefa tonga ny fijinjana. Aminy, tsy fahafehezana ny teknika fiompiana trondro no nahatonga ny vokatra ratsy. Nametraka fangatahana fiofana tao amin'ny Centre de Service Agricole (CSA) tao Soavinandriana ity ray aman-dReny ity, ka izay no nahafahany niara-niasa tamin'ny APDRA. Avy hatrany dia tapa-kevitra ny hanatavy trondro amin'ny toerana maherin'ny 2 Ha izy, izay tsy nilàny fanampiana avy any ivelany fa tena herin'ny tenany manokana. 2 lahy (izy sy ny zokiny) izay efa samy azo lazainy zokinjokiny no mikatroka ny asa rehetra.

Nanomboka ny voalondohan'ny volana Jiona dia efa nampiakatra ny tahala, ary efa eo amin'ny fanaovana tata-belona izao ny asa, ka hofaranana amin'ny fametrahana "trop-plein" sy sivana. Raha ny vinavina dia ny volana Oktobra no hampidirina ny zana-trondro miisa 10.000. Araka ny heviny, "Tsy faty antoka ny fotoana lany nanaovana ny fanajariana manara-penitra satria amin'ny voalohany ihany no manahirana fa amin'ny manaraka tonga dia afaka mampiditra zana-trondro avy hatrany. Ary koa tsy very akory ny tany hanaovana tatabelona lalina tsara satria sady ahafahana manamaina ny tany izany, ka manatsara ny voka-bary."

Ankoatra izay, "asa ahafahana miavotra ny fiompiana trondro, vola no sakafo, no sady tombony ankoatra ny voka-bary".

RIZIPISCICULTURE: LA MOTIVATION EST LA CLEF !

Actuellement, les rizipisciculteurs de la Région Itasy se préparent à la nouvelle campagne piscicole. Les aménagements nécessaires sont en cours de finition. Il en est de même pour Justin Manarivo RAKOTOMANANA, un paysan vivant dans le village d'Ambohijatovo, fokontany d'Andranomanoa, dans la Commune de Soavinandriana. Malgré son âge avancé, il est très motivé et souhaite élargir ses activités agricoles, notamment avec la rizipisciculture.

Même s'il n'a pas bénéficié des appuis techniques proposés en 1989, il avait empoissonné 500 alevins. A la récolte, seuls 25 poissons ont été retrouvés...
A son avis, son ignorance des pratiques d'élevage explique ce faible taux de survie. En conséquence, il a déposé une demande de formation au Centre de Service Agricole (CSA) Soavinandriana, ce qui lui a permis de bénéficier d'un encadrement de la part de l'APDRA.

Une fois les connaissances techniques acquises, Justin Manarivo a décidé d'empoissonner ses rizières, d'une superficie totale de plus de 2 Ha. Pour les travaux d'aménagement, il les a effectué lui-même, avec seulement l'aide d'un de ses frères, qui lui aussi n'est plus très jeune. Ils ont commencé vers le début du mois de Juin par le rehaussement des diguettes, suivi de l'aménagement des canaux refuges (qui est encore en cours), pour terminer plus tard par la mise en place des trop-pleins munis de grilles empêchant les alevins de s'échapper.
Une fois ces tâches réalisées, il compte introduire environ 10 000 alevins au début du mois d'Octobre.

Selon lui, « effectuer les travaux d'aménagements correctement n'est pas une perte de temps, puisqu'ils pourront être réutilisés lors des prochaines campagnes. C'est seulement avant le premier empoissonnement que les tâches exigent beaucoup de temps et de force ».
Aussi, « les canaux refuges, en plus de leurs utilités pour les poissons, permettent de mettre la rizière en assec, et donc d'améliorer le rendement du riz ».
Pour terminer, « la rizipisciculture est une activité très rentable, pouvant servir à la fois de denrée alimentaire et de source de revenu ».

MATSIATRA AMBONY

ILAINA NY FANAOVANA NY FIFANAKALOZANA EO AMIN'NY MPIOMPY TRONDRO

RAKOTOMANGA Zo
VFTM Alakamisy Ambohimaha

Efa fanaon'i APPAFI eto Matsiatra Ambony ny fanaovana ny fifanakalozana eo amin'ny samy mpikambana isan-taona. Tamin'ity taona ity dia navondron'ny Talen'ny jono ny solotenan'ny mpisehatra trondro rehetra ato anatin'ny Faritra Matsiatra Ambony izay nahitana ny : APPAFI, MVPT, VONISAHI, FITARIKANDRO, VFTM, ny ONG APDRA , ny APMM, ny CSA ary ny radio ao an-toerana.

Tontosa tokoa ny fifanakalozana izay natao tao amin'ny kaominina Sendrisoa tanàna Vohimaranitra Distrika Ambalavao ny faha 04 sy 05 jolay 2012 lasa teo iny. Nandray anjara tamin'ny fihaonana ny mpisehatra mpamokatra zanatrondro, mpanatavy, mpanarato, sy ireo tetik'asa voalaza etsy ambony ary ireo mpianatr'asa avy ao amin'ny ISTOM sy siansa sosialy.

Les discussions des centaines de participants à l'atelier

Nahatratra 100 ireo tantsaha vahiny mpisehatra trondro nandray anjara, nampian'ireo tekinisianina 15 avy amin'ny sampan'asa tsy miankina sy ara-panjakana, ny fokonolona mpiompy trondro teo an-tanàna notarihin'ny sefom-pokontany sy ny Ben'ny tanàna Ambalavao ary ny Radio Akon'ny Tsienim-parihy sy ny Radio Mampita Fianarantsoa.

Niompana tamin'ny loha-hevitra efatra lehibe ny fivoriana dia ny fanazavana ny lalàna mifehy ny jono, ny fampitoviana ny fomba fijery eo amin'ny mpiompy trondro, ny fiofanana mahakasika ny fiompiana Baraoa ary ny farany dia ny fanamafisana ny fahaiza-manao eo amin'ny famokarana zanatrondro. Ny Talen'ny jono eto Matsiatra Ambony no anisan'ny nitarika ny atrik'asa tany an-toerana.

Ny fisian'ny atrik'asa tahaka izao no ahafahana mampandroso haingana ny fiompiana trondro eto anivon'ny Faritra.

NECESSITE DES ECHANGES ENTRE LES PISCICULTEURS

Comme à l'accoutumé, l'APPAFI organise un atelier annuel d'échange entre les acteurs de la pisciculture. La Direction de la pêche regroupe tous les acteurs piscicoles tels que l'APPAFI, MVPT, VONISAHI, FITARIKANDRO, VFTM, le projet APDRA et APMM.

Cet échange a été effectué dans la commune rurale de Sendrisoa Village Vohimaranitra, District Ambalavao le 04 et 05 juillet dernier. Il était composé des alevineurs, des grossisseurs, des pêcheurs, des projets piscicoles et des étudiants de l'université ISTOM et de la science sociale de Fianarantsoa.

Le nombre des paysans invités a atteint un nombre de 100, avec une quinzaine de techniciens venant des organismes étatiques et privés, les fokonolona pisciculteurs menés par le président du Fokontany de Vohimaranitra et Mme Maire de la commune rural de Sendrisoa Ambalavao. Sans oublier la Radio Akon'ny Tsienim-parihy, la Radio Mampita et la Radio rurale de Fianarantsoa.

Quatre grands thèmes ont été développés durant la rencontre. La DRP a explicité la loi relative à la pêche, puis la formation sur la production et le grossissement du Tilapia nilotica ont été abordés. Troisièmement, une discussion sur la mise en égalité de la vision entre les différents acteurs de la filière et, finalement, le renforcement des capacités des alevineurs de carpe.

La présence d'un échange de ce type tient un grand rôle pour le développement de la pisciculture dans la Région.

AMORON'I MANIA

RAZANAMAHANDRY Vololomamonjy
Ambodiriana Commune rurale Kianjandraikefina

FIOMPIANA TRONDRO FIDIRAM-BOLA MAHARITRA SADY SAKAFO TSARA

39 taona aho manambady ary manana zanaka 5. Efa ho 16 taona izay no niompiako trondro, hatramin'izay iray taona nahatongavan'ny APDRA izay dia hitako nisy fivoaran'ny fiompianay trondro.
Nampiditra karpa 60 izahay tamin'ny faramparan'ny volana Jona 2011 ary nividy renitrondro telo tany Betafo ny volana Jolay 2011. Rehefa natao io fampiterahana io reni-trondro io dia nahazo zana-trondro teo amin'ny 4000 teo ho eo.Nivarotra zana-trondro teo amin'ny 1100 isa teo ho eo izahay, 50Ar ka hatramin'ny 700Ar ny vidiny nivarotanay azy, ny sisa kosa nohatavezina. Noho io fidiram-bola azo tamin'ny fivarotana zanatrondro io dia nividy gana aho ka ankehitriny dia manana gana 30 isa izahay izao. Amin'ity taona 2012 ity, ny vinavinanay dia hamatsy zanatrondro ny kaominina Kianjandraikefina satria sarotra ny fitadiavana zanatrondro aty aminay. Izahay rahateo koa moa efa manana reni-trondro 14 isa ary dobo fitehirizana sy tanimbary malalaka. Manentana ny tantsaha rehetra mba hiompy trondro satria azo atao fidiram-bola maharitra no sady sakafo matsiro ny trondro.

LA PISCICULTURE : SOURCE DE REVENU STABLE ET D'UN ALIMENT COMPLET

39 ans, mariée, 5 enfants. Je pratique l'élevage de poisson depuis 16 ans. Avec l'arrivée de BVPI et l'APDRA, mon activité s'est précisée et se développe.
Au mois de Juin 2011, j'ai fait un empoissonnement de 60 alevins, et au mois de Juillet 2011, j'ai acheté 3 géniteurs à Betafo.
Grâce à l'alevinage de ces 3 géniteurs, j'ai obtenu environ 4000 alevins. J'ai vendu environ 1100 alevins entre 50 Ar et 700Ar, le reste étant destiné pour grossissement.
Grâce à la recette des ventes d'alevins, nous avons acheté 2 canards, ce qui nous a permis d'en avoir 30 maintenant. L'offre d'alevins dans notre Commune semble très rare, face à cette situation, ma perspective pour cette année est de devenir un fournisseur d'alevin pour l'ensemble de la Commune de Kianjandraikefina. A présent, je dispose de 14 géniteurs et d'un étang de stockage des géniteurs.
J'incite les paysans à pratiquer la rizipisciculture parce que c'est une source de revenu stable et d'aliment complet.

ITASY

NY «SEHA-PIHARIANA TRONDRO» ATY AMIN'NY FARITRA ITASY

Monsieur RANDRIANARIMALALA Edmond
Rizipisciculteur, CR Manazary, FKT Ambohimanambola et président du VISTI

Voatsangana soamatsara taty amin'ny Faritra Itasy ny « Plate forme de concertation et d'appui à la filière Pêche et Pisciculture », nomena ny anarana hoe VISTI na « Vovonana Ifaharan'ny Seha-pihariana Trondro Itasy » ny 18 Jolay 2012, tsirin-kevitra avy amin'ny tetik'asa PROSPERER. Voakasik'io avokoa ny :
-mpisehatra mivantana: mpanjono, mpiompy (an-tanimbary, anaty harato, anaty vato…)
-mpisehatra tsy mivantana: mpitatitra sy ireo Tetik'asa mpanohana, ireo mpampindram-bola, ireo toera-pisakafoanana
-ireo sampan-draharaha-paritra avy amin'ny fanjakana
Misy ny birao maharitra, tompon'andraikitra voalohany, amin' io vovonana io izay voafetra ho roa taona ny fotoam-piasany ka amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina no hifidianana azy ireo. Ato anatin'ny roa taona voalohany dia ireto manaraka ireto no voafidy:
-filoha: RANDRIANARIMALALA Edmond (Mpanatavy trondro an-tanimbary sy mpanarato)
-filoha lefitra: RATORAKARIVO Barthélémy (Talen'ny Fampandrosoana ny eny ambanivohitra ny Faritra Itasy)
-mpitan-tsoratra: ZOELINIRINA Zoé Patricia (Assistante technique SCA Arivonimamo)
-mpitam-bola: RAHOLINIRINA Pierrette Evelyne Harisoa (mpiompy trondro anaty fefy)
-mpanara-maso ny toe-bola: RAJAONARIVONY Rabarijaona (Chef d'Agence PAMF Analavory)

Les membres de VISTI

Ahitana Vaomiera efatra ao anatin'ny VISTI dia ny Vaomieran'ny fifandraisana sy fampitam-baovao, vaomieran'ny fampandrosoana sy fiaraha-miasa, vaomieran'ny fitsidihana sy fanarahamaso vaomieran'ny fahaiza-manao sy ny asa. Natsangana moa io Vovonana io mba hampiroboroboana ny seha-pihariana trondro sy hisian'ny fitantanana maharitra ireo farihy sy zanadrano rehetra aty amin' ny faritra (anisan'izany ny farihiben'Itasy)
Anisan'ny vaindohan-draharaha tsy maintsy hotanterahina amin'ny taona voalohany ny fanadihadiana ny isan'ny mpisehatra mivelona ao amin'ny trondro ary indrindra ny fampahafantarana ny olona ny fisian'ny VISTI.

Voavinavina àry fa ao anatin'ny dimy taona dia mizara dimy lehibe ireo tanjona hotratrarina amin'ny fananganana ity vovonana ity:
-fampidirana amin'ny sehatra ara-dalàna ny mpisehatra rehetra mba ho matianina.
-fampitomboina ny vokatra miakatra
-fanatsarana ny fari-piainanan'ny mpisehatra
-fampifandraisana ny mpisehatra rehetra
-fampivoarana ny lalam-pihariana jono sy ny fiompiana trondro

Ny zavatra andrasan'ireo tantsaha mpisehatra amin'ny fananganana azy ity dia ny fampandrosoana ny isam-batan'olona sy ny isan-tokontrano; ny haha-matianina ny tsirairay eo amin'ny asany (teknika, fitantanana, toro-làlana,…) ary indrindra ho fisian'ny fifaneraserana eo amin'ny rehetra.

LA "PLATE-FORME PISCICULTURE" EN ITASY

Suite à une réunion organisée du 17 au 18 Juillet 2012 par le programme PROSPERER , sur la gestion des ressources halieutiques en Itasy, une plateforme de concertation et d'appui à la filière pêche et pisciculture a été mise en place. Elle porte le nom de VISTI ou « Vondrona Ifaharan'ny Seha-pihariana Trondro Itasy ». Cette plate forme regroupe tous les acteurs de la filière, à savoir :
- acteurs directes : les pêcheurs, les pisciculteurs (rizi-pisciculteurs, éleveurs en cage, éleveurs en enclos…)
- acteurs indirectes : transporteurs, les différents projets d'appui, les IMF (Institut de micro-finance), restaurateurs
- les services territoriaux décentralisés
Après une élection par les acteurs présents lors de cette réunion, les membres du bureau responsables de la gestion du VISTI pour les deux années à venir sont:
- Le président : RANDRIANARIMALALA Edmond (rizipisciculteur et pêcheur)
- Le vice Président : RATORAKARIVO Barthélémy (Directeur de Développement Régional Itasy)
- La secrétaire : ZOELINIRINA Zoé Patricia (Assistante technique SCA Arivonimamo)
- La trésorière : RAHOLINIRINA Pierette Evelyne Harisoa (éleveur en cage)
- Le commissaire au compte : RAJAONARIVONY Rabarijaona (Chef d'Agence PAMF Analavory).

Le VISTI est composé de 4 commissions, dont une commission responsable de l'information Communication, une commission responsable du développement partenariat, une commission responsable du Suivi-Evaluation, et une commission responsable de la compétence et métier. La fondation du VISTI a pour but de développer la filière pêche et pisciculture et de gérer d'une manière durable les grands lacs et les points d'eau dans cette Région (y compris la gestion durable de grand lac Itasy).
Pour la première année, l'une des activités prioritaires est de recenser les acteurs qui vivent de la filière et de faire connaître le VISTI.

Les objectifs envisagés pour les cinq ans à venir concernent:
-la légalisation des activités de tous les acteurs
-l'augmentation de la production
-l'amélioration du niveau de vie de chaque acteur
-la bonne communication entre les acteurs
-le développement de la filière pêche et pisciculture
Les paysans concernés espèrent que le VISTI apportera des effets bénéfiques dans leur secteur d'activités, comme par exemple : le développement économique pour chaque famille, la professionnalisation (technique, gestion et conseils…), ainsi que la communication.

VAKINANKARATRA

FITSIDIHANA SADY NANOVOZAM-PAHALALANA NO FIZARANA

VISITE DE DECOUVERTE ET D'ECHANGES

Pisciculteurs de Fitakimerina

22 mianadahy avy ao Vakinankarara no nanovo fahalalana tamin'ny alalàna fitsidihana natao tao Matsiatra Ambony. Mpiompy trondro tsy mbola nanatrika fifanakalozana ny sasantsasany sy tantsaha ho fitaratra izy ireo. Nangetaheta ny hahita lafim-piompiana hafa izy ireo hanatsarany ny traikefay sy hanasoavana ny hafa. Milaza ny mombamomba izany eto ny solontenan'izy ireo.

Ny anton'ny fitsidihana dia ny mba hisian'ny fifampizarana traikefa sy ho fanatsarana ny fiompiana trondro eo amin'ny mpitsidika sy ny notsidihana.
Voafintina toy izao ny fandehan'ny fitsidihana izay natao:

Discussion sur la vie associative-Safata

Ny 27/08/2012 tao Tsarafidy momba ny famoahana trondro noatavina ririnina narahina adihevitra momba ny fampiterahana sy fanatavizana sy ny fitantanana ara-bolan'ny fiompiana.
Ny 28/08/2012 tao Safata izay nanaovana adihevitra momba ny fiainam-pikambanana: ny tantarany, ny lalàna mifehy sy ny fitantanana ny fikambanana.
Ny 29/08/2012 tao Beronono nikasika ny fitsidihana toerana fampanatodizana sy fanatavizana narahina fifanankalozana .

Ny tombony azo dia ny fahitana fiainam-pikambanana sy firaisan-kina eo amin'ireo notsidihina. Izany fiainam-pikambanana mirindra tsara izany dia azo ampiharina tsara aty an-toerana ireo mpitsidika.
Ny azo nozaraina tamin'ireo notsidihina dia momba ny fampanatodizana toy ny fanatsarana ny taranaka trondro, firaketana an-tsoratra ny momba ny renitrondro sy ny lahitrondro mba tsy hampifanambadiana ny trondro mpihavana.
Anisan'ny torohevitra nozaraina ihany koa ny famindrana faharoa ny zanatrondro mba hahamaro ny taha-pahavelomana sy hampitombo haingana kokoa ny zana-trondro.

22 producteurs de Vakinankarara ont profité des échanges entre pisciculteurs dans la Région Haute Matsiatra. Parmi eux, il y a des novices en la matière et aussi, des expérimentés qui auront pour rôle de paysans relais aprsè le projet BVPI SE/HP qui les ont appuyé sur la pisciculture. Quelques représentants expriment ici leurs satisfactions par rapport à cette visite.

La visite d'échange a eu lieu pour favoriser les échanges entre les paysans visiteurs et visités.

Echange technique autour d'une parcelle à Beronono

Les avantages du VE sont la constatation d'une bonne vie associative et une forte solidarité entre les membres de l'association. Ce qui est vraiment applicable chez les visiteurs.
La récolte et la conservation des informations sur les géniteurs utilisés, afin de connaitre les origines des poissons et pour éviter la consanguinité.
Parmi les conseils émis, la préconisation d'un deuxième transfert des alevins, afin qu'ils grossissent bien avant la vente et pour augmenter le taux de survie.

Les acquis du voyage d'échange ont été:

Le 27/08/2012, à Tsarafidy pour une récolte des poissons grossis en contre saison suivie de discussion sur la technique d'alevinage et le grossissement.
Le 28/08/2012, à Safata pour une échange sur la vie associative : historique de l'association, le règlement interne de l'association.
Le 29/08/2012 à Beronono avec une visite des sites de grossissement et d'alevinage suivie des échanges concernant la vie de la coopérative MVPT et quelques techniques piscicoles.

HAUTE MATSIATRA

VOKATR'I MATSIATRA AMBONY

MADE IN MATSIATRA AMBONY

RALAIZANAKA Paul, Filohan'ny tranoben'ny tantsaha

Tsenabem-paritr'i Matsiatra Ambony izay nokarakarain'ny ministeran'ny varotra sy ny indostria sy ny tranoben'ny tantsaha ary ireo mpanohana isan-karazany. Nankalazaina teto amin'ny renivohitr'i Fianarantsoa ny 06- 07- 08 septambra 2012 ity foara nomena anarana hoe FAGNINA ity.

Raha hazavaina tsotsotra ny FAGNINA dia, teny Betsileo, fanaon'ny ankohonana rehefa mikarakara raharaham-pianakaviana. Fotoana amoriana ireo lohandohan'ny mpisorona mba hilàna hevitra sy hafatrafatra entina hanatanterahana ny asa.

Zava-dehibe tokoa io satria "ny fagnina mandavo ny tomoatsa" hoy ny Ntaolo na hoe ny lanieran'ny maro vita foana, toe-tsaina iray tokony hoentin'ireo mpamokatra miatrika tsena iray. Tokony hipetraka izany eo anivon'ny samy mpamokatra, ny mpamokatra sy ny mpividy vokatra mba hitondra any amin'ny tanjona iombonana. Io koa no mamaritra ny antoka apetraky ny tsirairay ka miteraka andraikitry ny rehetra eo amin'ny fanatanterahana ny asa.

RALAIZAKA Paul, Président de la chambre de commerce Haute Matsiatra

Teraka amin'ny alalan'izany ny fanamby eken'ny rehetra, iraisan'ny rehetra, ary ifarimbonan'ny rehetra ny fanatrarana azy. Eto izy dia manasongadina indrindra ireo vokatra vita sy mampiavaka indrindra ny Faritra "Made in Matsiatra Ambony".
Io fotoana io dia hanamorana ny varotra vokatra, ny fifandraisana amin'ny karazana mpanohana, fifanakalozana ary fampahalalambaovao sy ny ara-tekinolojia.

Tsapa ho lesoka ny tsy fahaleovantenan'ny tantsaha sy ny tsy fisian'ny finiavana hanatanteraka asa rehefa tsy eo ny mpanohana ara-bola.
Ho an'ny seha-pihariana trondro, 500kg no trondro lafon'ny vondrona koperativa MVPT sy ny fikambanana APPAFI ary ny FITARIKANDRO. Tsapan'izy ireo fa sarotsarotra ny fandafosana ny trondro miohatra ny tamin'ny taona lasa indrindra ireo mihoatra ny iray kilao. Tombondahiny kosa anefa ny fahitana tantsaha mpiaramiombon'antoka any amin'i Faritr'i Boina sy ny varotra reni-trondro ho an'ny fikambanana FIMPIFI ao Ihorombe.
RASAMOELITINA Hery Frédéric tél 034 14 230 06
RALAIZANAKA Paul, Filohan'ny tranoben'ny tantsaha tél 034 47 977 21

La foire Régionale de la Haute Matsiatra, nommée FAGNINA est organisée par la chambre de commerce et d'industrie d'un côté, par la chambre d'agriculture Haute Matsiatra d'un autre côté, et en concertation avec les divers partenaires d'appui. Elle s'est déroulée au cœur de la ville Fianarantsoa les 06-07-08 septembre 2012.
En deux mots FAGNINA est un terme Betsileo, qui définit la réunion de concertation des leaders familiaux avant de procéder à l'organisation d'un évènement familial majeur. Le mot s'avère juste pour traduire les actions avant de lancer un défi, ou de prendre un positionnement stable sur le marché.
Un défi confirmé, accepté et validé par tous les acteurs et les partenaires, et qui entraine en retour une bonne entente mutuelle. C'est donc une véritable cohésion dans l'action et une meilleure confiance de tous sur ce qu'est « Le produit made in Haute Matsiatra ». L'évènement vise à faciliter la commercialisation de ces produits, la mise en relation des producteurs avec les partenaires stratégiques commerciaux, techniques, financiers,… Echange et partage des expériences entre les producteurs, accès aux informations et aux nouvelles technologies modernes sont les mots d'ordre de ces journées.

L'un des problèmes majeurs est, outre la dépendance des paysans aux partenaires d'appui, le décalage entre la volonté de faire et la réalisation des activités.
En ce qui concerne la filière poisson, l'union coopérative MVPT, l'APPAFI et l'association FITARIKANDRO ont réussi de vendre 453.5 kg de poissons de consommation. Ils ont constaté que le débouché de cette année était plus faible que l'année précédente (surtout sur la vente des poissons de plus d'un kilo la pièce), Ce qui est surement dû à la crise actuelle.

En revanche, ils ont découvert des partenaires en plus avec un paysan de la Région de Boina, ainsi qu'avec la vente de géniteurs aux paysans de l'association FIMPIFI de la Région d'Ihorombe.

VAKINANKARATRA

TANTSAHA FITARATRA HOE ?

Amin'ireo tantsaha mpiompy trondro aman-jatony tohanan'ny BVPI ao Vakinankaratra dia miisa 15 ireo voatsongan'ny tantsaha namany ho tantsaha fitaratra. Misolo tena azy ireo maneho ny heviny eto ny avy any amin'ny Distrikan'I Mandoto dia Inanantonana, Beronono, Iandratsay sy ny tapany atsimon'I Vinaninkarena iny. Mamaritra ny atao hoe mpiompy trondro fitaratra izy ireo ary hanazava ny tena andrasana aminy manoloana ireo tantsaha namany.

Nanaraka fiofanana momba ny «Tantsaha fitaratar» ny 04-05 septambra teo ny 15 mianadahy. Nahazo taratasy fanamarinana izany avy amin'ny tetikasa BVPI sy ny DRP Vakinakaratra izy ireo tany am-pamaranana.
Raha jerena amin'ny maso tsy miangatra, ny tantsaha no iankinan'ny fahaveloman'ny firenena iray. Ankoatry ny orinasa lehibe sy ny asa tanana, dia manana ny maha izy azy ny asa famokaran'ny tantsaha. Anisan'ny tsy latsa-danja amin'izany ny asa fiompiana trondro.
Manoloana izany dia handeha ho velarintsika eto ambany ireto fanontaniana ireto:
Inona no hatao hoe tansaha fitaratra?, Inona no antom-pisian'ny tantsaha fitaratra, haninona?, Eo amin'ny lafiny fiompiana trondro, inona no andrasana aminy? Azo tanterahina ve?

Maro ny fifanankalozana traik'efa natao sy ny fiofanana tany amin'ny faritra. Noho ireo no antom-pisian'ny tantsaha fitaratra, ary izany dia hita mivantana eo amin'ny fiainany. Mahavita ny adidy amin'ny fianakaviany sy andraikitra eo amin'ny fiaraha-monina. Betsaka ny zavatra andrasana eo amin'ny tantsaha fitaratra eo amin'ny fiompiana trondro: dia ny ho mpitarika, manentana, mamatsy zana-trondro sy trondro matavy ary mety afaka mapiofana mihitsy aza. Hita miharihary amin'izay nahazo fiofanana sy manana toeram-piompiana ampy rano. Amin'ny maha tantsaha mpiompy trondro mpitarika azy dia hampita amin'ny tantsaha mpiara-monina ny traikefa azo momba ny fiompiana trondro niarahana tamin'ny APDRA izy. Tsy maintsy mampihatra anefa aloha mba ho tena fitaratra handresy lahatra fa asa mampidi-bola sy azo ivoarana tokoa izany.
Ho fehiny, ny tantsaha fitaratra dia ireo maha tanteraka ara dalàna ny tetik'asa maty paika izay nanofanana azy. Mahafehy ny teknika famokarana iray izy, ohatra eto ny fiompiana trondro. Ary afaka hizara sy mampita izany amin'ny tantsaha manodidina azy mba hisian'ny fivoarana eo amin'ny fiaraha-monina.

Raha tombanana izany ny asan'ny tantsaha fitaratra dia tsy ho voafehy eo amin'ny faritra kely intsony ny fiompiana trondro fa mety hanerana faritra maro ary ho tena lasa seha-pihariana miroborobo sy mahavelona ny tantsaha izany.
Eto am-pamaranana dia misaotra ny BVPI izahay nanohana nadritra izay telo taona nisiany izay. Hatreto kosa dia misarika ny sain'ny tompon'andraikitra sy ireo malala tanana mba hamatsy ara-bola, ary ny vahoaka tantsaha mba hijery ny ambany maso ka ho soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra. Koa manantena e !

PAYSANS RELAIS ?

Paysans relais de Inanantonana, Beronono, Iandratsay et Fitakimerina

Sur les centaines de pisciculteurs appuyés par BVPI dans le Vakinankaratra, 15 sont choisis des producteurs être des paysans relais. Leurs représentants ayant reçu des formation à ce sujet définissent ce qu'est un «Paysan relais» et nous parlent de ce que les autres paysans attendent d'eux.

15 pisciculteurs ont suivi une formation sur ce qu'est un «Paysan relais» les 04 et 05 septembre dernier. Une attestation leur a été remise par le projet BVPI et la DRP Vakinankaratra à la fin de la formation. «Hormis les grandes exploitations agricoles et l'artisanat, les paysans ont d'autres atouts. En vérité, la survie d'une nation dépend de ses paysans, et la pisciculture constitue l'un des piliers de cette survie.
De ce fait, nous allons développer les questions suivantes :
Que est ce qu'un paysan relais ? Quelle est la raison d'être des paysans relais ? Concernant la pisciculture, qu'attend-on d'eux ? Est-ce réalisable ?
Dans les faits, les paysans relais sont ceux qui ont suivi et appliquent les formations apportées par le projet. Plusieurs échanges d'expériences et formations ont été réalisés dans les différentes provinces, et le fruit de ces derniers est reflété dans la vie quotidienne des paysans relais (y compris leurs implications dans les devoirs familiaux et envers la société). Un paysan relais est un paysan qui maïtrise une technique (piscicole par exemple) et sait la transférer aux autres paysans afin de développer la vie sociale.

Remise d'attestation aux paysans relais par la Direction Régionale des pêches et des ressources halieutiques et de BVPI

Pour transférer leurs compétences et leurs savoirs faire acquis durant la collaboration avec l'APDRA. Mais, dans un premier temps, l'application des techniques diffusées est la meilleur façon de transférer cette compétence.
Pour animer et convaincre les paysans que leurs action dans la pisciculture est une activité bénéfique, cela pouvant aboutir à la formation des autres paysans.
En ce qui concerne la pisciculture, nombreuses sont les responsabilités des paysans relais. Nous pouvons citer en exemple le leadeurship, la sensibilisation, la fourniture des alevins ou même des poissons à grossir,...Pour ceux qui ont reçu des formations et possèdent des parcelles de pisciculture convenables, c'est très réalisable. De plus, commercialement, il y a vraiment un avenir prometteur pour cette filière.
Pour terminer, nous voulons attirer l'attention des responsables, des bailleurs ainsi que des paysans pour travailler main dans la main et voir les choses en face.
Par rapport aux rôles des paysans relais, la pisciculture ne se limite plus aux zones d'activité de l'APDRA pendant le projet BVPI. Il va développer dans différents zones. En plus il sera une des activités source de revenu pour les paysans. Espérons !»

HAUTE MATSIATRA

NY TETIKASA PARRUR : TRANGA TAO MATSIATRA AMBONY

LE PROJET PARRUR : CAS DE LA REGION DE LA HAUTE MATSIATRA

Liliane Phantharangsi et Tsiresy
Stagiaire et ACP APDRA Matsiatra

Tao amin'ny tetik'asa PARRUR dia nisy andiana mpianatra vahiny avy amin'ny AGRISTOM (mpianatra frantsay 10) sy mpitsabo biby Malagasy (mpiara-miombon'antoka amin'ny FOFIFA), nizara ho vondrona ary niara niasa nandritra ny 2 volana mikasika ny fikarohana ny karazana dorian'ny karpa (Cyprinus carpio) sy ny fomba fiompiana trondro misy ao anatin'ny Faritra Analamanga, Atsinanana, Vakinankaratra, Itasy, Amoron'i Mania ary Matsiatra Ambony.

Liliane avec une géniteur de carpe de 10 kg

Toeram-piompiana maro sy mpanarato amin'ny sori-drano voajanahary no nanaovana fanadihadiana sy nakana tsonga ka tamin'izany indrindra, no nahazoan'ireo ekipa niasa taty amin'ny Faritr'I Matsiatra Ambony karpa an-drenirano milanja 10,5 kg, mirefy 85 sm ny lavany ary 21sm ny sakany, tao amin'ny reniranon'i Mandranofotsy ao amin'ny Distrika Vohibato. Taloha dia nahazo trondro 4 kg eo ho eo izy isan'andro saingy tsapany fa nihena izany tamin'ny taona 1995 tany ho any.

Ireo sombina vombontrondro nalaina avy amin'ny toeram-piompiana sy andrenirano voajanahary ireo dia halefa hotiliana any amin'ny INRA, toeram-pikaroahana Frantsay. Ny vokatry ny fitiliana no ahafahana mamantatra ny fahasamihafana doriana misy isaky ny Faritra. Misaotra manokana ireo mpiara-miasa mpandraharaha izay nanampy anay tamin'ny fanatanterahana ny asanay. Matoa izao no tontosa dia noho ianareo.

Prelevement echantillon carpe par étudiants PARRUR

Dans le cadre du projet PARRUR, le groupe AGRISTOM (10 stagiaires français de l'APDRA) et des étudiants vétérinaires malgaches (stagiaires du FOFIFA) ont collaboré ensemble pendant 2 mois pour la réalisation d'une étude autour de la variabilité génétique de la carpe commune (*Cyprinus carpio*) et des pratiques d'élevage des pisciculteurs dans plusieurs Régions des Hauts-Plateaux: Analamanga/Atsinanana, Vakinankaratra, Itasy, Amoron'i Mania et Haute-Matsiatra.

Les étudiants vétérinaires ont été affectés par le FOFIFA depuis un an dans les différentes Régions citées. Cet hiver, 10 étudiants français en stage à l'APDRA se sont divisés par binôme et joints à eux. Au cours de ces deux mois de terrain, de nombreuses exploitations ont été enquêtées et échantillonnés par ces étudiants.

A cette occasion, le groupe travaillant dans la Région de la Haute-Matsiatra a échantillonné une carpe pêchée dans le milieu naturel de 10,5 kg, mesurant 85 cm de long et 21 cm de large dans la rivière de Mandranofotsy un affluent de Matsiatra dans le District de Vohibato. Avant, il lui arrivait d'avoir 4 kg à chaque pêche de l'époque les poissons sont en abondant, mais il à constaté que depuis l'année 1995 les poissons se font rares.

Les différents échantillons (d'élevage et du milieu naturel) seront prochainement envoyés pour être analysés par l'INRA, un laboratoire français. Les résultats des analyses permettront de connaître la variabilité génétique présente dans chaque Région. Nous remercions infiniment tous les acteurs qui nous ont aidés à la réalisation de notre travail. Vous êtes tous la base de notre réussite.

VAKINANKARATRA

Gorettie sy Dedy
Rizipisciculteurs Antsoso- Betafo
Ambohimitombo, le 04 Septembre 2012

Sitraka lehibe tokoa ho anay ny niara-niasa tamin'ny BVPI sy ny APDRA nohon'ny tekinika marobe izay notovozinay tamin'y, ary nandrindra sy nampivoatra ny tontolo ambanivohitra. Hasongadininay manokana eto ny APDRA nanatsara ny fiompiana trondro izay sady loharanom-bola no sakafon'ny mpianakavy ka nanjary ho hery zary nofo. Manomboka eto dia ambara mazava fa ny sehatry ny fiompiana trondro dia hibahan-toerana lehibe eo amin'ny fiainan'ny tantsaha. Koa averina etoana ny fisaorana sy ny fankasitrahana ny BVPI sy ny APDRA, koa na ho lasa aza izy ireo dia namela mamy toa tantely. Ny hany angatahanay am-pelatanan-droa anefa dia ny hitohizan'ny fiara-miasa amin'ny BVPI II. Ho atolotray am-pifaliana ireto tononkalo manaraka ireto izay hahatsiarovana ny FITSIDIHANA TETO FIANARANTSOA NY 27, 28, 29 AOGOSITRA 2012.

FILAMATRA

1° Niezaka hatrany ny APDRA
Hahita olona fitaratra
Tsy iza izany, fa isika tantsaha
Izay nanjary ho filamatra

2° Manantena fahendrena
Na amin'ny saina na amin'ny asa
Fa ny tanjona ho kendrena
Hampivoatra ihany koa ny hafa

3° Ny atrik'asa ho kendrena
Dia tsy ho an'olo-tia tena
Fa mizara sy manondro
Izay no tanjon'ny fiompiana trondro

4° Ny fitsidihina natao dia hizarana tombotsoa
Ny traikefa anananao sy ny maro hafa koa
Aoka isika hahafantatra sady koa hanatsara
Ireo fiompiana trondro eto Madagasikara

5° Isaoranay ry Dadafety
Ao Manovasoa Ambohipierenana
Tsy resaka fotsiny na gazety
Fa tena tanjom-panorenana

On était très heureux de travailler avec BVPI et l'APDRA, autant pour les conseils techniques qu'ils ont diffusés que pour leurs apports dans le développement rural.
Concernant l'APDRA plus précisément, elle nous a permi d' améliorer nos techniques piscicoles, ce qui nous procure à la fois une source de revenu et une nourriture riche. Il est à préciser que dorénavant la pisciculture occupera beaucoup plus de place dans la vie des paysans du fokontany.
Nous tenons donc à remercier le projet BVPI ainsi que l'APDRA, car même si c'est la fin du projet, ils nous laissent beaucoup de choses...
Mais peut-être est-il envisageable qu'il y ait prolongement de BVPI en BVPI II... ?
Enfin, voici un poème inspiré de la Visite échange à Fianarantsoa du 27 au 29 Août 2012 que nous offrons à tous les lecteurs avec joie. Bonne lecture !

MODELE

1° L'APDRA a toujours fait de son mieux et l'effort
De trouver des personnes références et fortes
Qui ne sont autres que nous, les paysans,
Devenus aujourd'hui des modèles vivants

2° Espérant sagesse et attention
Dans la conscience et dans l'action
L'objectif dorénavant visé
Est de faire évoluer la société

3° Les travaux qui nous attendent et les blocages qui existent
Restent à faire et ne nous permettent pas d'être égoïstes
Mais de partager et de former pour le futur,
Voilà l'un des objectifs de la pisciculture

4° Les visites faites nous ont permis d'échanger tout
Leurs expériences à eux et notre savoir faire à nous
Alors, soyez fières et veuillez savoir
Ce qu'est la pisciculture à Madagascar

5° Dadafety ! Merci beaucoup !!!
A Ambohipierenana Manovasoa
Ce n'est pas le tout de te complimenter
Mais tes travaux sont à copier

TARATASIN'NY MPAMAKY

6° Fifanakalozan-kevitra voalahatra
Fifandraisana eram-po
Hitanay sy ny tsikaritra
Fa ho tsara re ny tombotsoa

7° Isaoranay AZAÏS ao Ambatomisibiby
Nandray anay an-tsikitsiky ilay kalandrie sarobidy
Mifanampy izy sy ny vadiny, ny vola koa voakajiny
Tokatrano tsara tantana, fianakaviana ho filamatra

8° Isaoranay DadaRakotozafy Safata Imamotsiasesy
Fikambanana mifanampy tsy manaiky ny ho resy
Ny fiompiana trondro karpa mahasoa sy mahatsara
Fa ny hita sy voakaroka dia atsaraina koa ny vala
Ny tanimbary voamasaka dia hafa ny trondro azo
Fa ny zavatra voakatsaka ny olon-kamo tsy mahazo

9° Masonay no nahita fa tsy hoe honohono
Ao Andoharanomaitso i Beronono
Tsy laza fotsiny na hoe antondro
Ilay tekinikantsika amin'ny fiompiana trondro
Filamatra ianareo izany ry fikambanana Tsarafamindra
Tohizo hatrany hatrany, misaotra re misaotra indrindra

10° Ho fehezinay ny teny fa ny hafatra ho ambara
Fa ny seha-pihariana ny trondro tsy havelanay ho diso anjara
Veloma ka mametsovetso
Hoy ny mpanoratra tononkalo
Ho entiko ho resahana eto
Ny fiompiana trondro ampitaro.

COURRIERS DES LECTEURS

6° Les échanges étaient précieux
L'accueil, très chaleureux,
On a compris et bien remarqué
Qu'il y a beaucoup d'avantages à espérer

7° On remercie AZAÏS d'Ambatomisibiby sans oublier de le complimenter
Pour son accueil souriant et avec le fameux calendrier,
Sur la précision des comptes, lui et sa femme méritent un prix Nobel
Un foyer bien géré, voila enfin une famille modèle

8° A Imamotsiasesy Safata, merci DadaRakotozafy et ses équipes
Association solidaire, battante et à la fois dynamique
On parle d'élevage de carpe intéressant et passionnel
Appuyé par la recherche, ce qui a exigé l'entretien des parcelles
Les résultats sont prometteurs dans les rizières fertilisées
Il est évident que les paresseux ne peuvent en profiter

9° On a vraiment vue, ce n'est pas du pipeau
A Andoharanomaitso Iberonono
Ce n'est non plus des histoires à rester endormis
Mais c'est vraiment notre technique sur la rizi-pisci
Sacrée association Tsarafidy, chapeau !
On vous encourage de continuer, et encore, bravo !

10° Bref, le message est court et sans pudeur
Le secteur de la pisciculture a besoin d'être mis en valeur
L'élevage devrait être continué
Et puis, à la fin pour terminer
Au revoir, vous nous manquez déjà
Dit l'écrivain de ce poème là.

Les participants au voyage d'échange: les pisciculteurs visiteurs et les acceuillants- Safata -Haute Matsiatra

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

Talen'ny fanoratana (Directeur de la rédaction) :
Marc Oswald

Tonia (Rédacteur en chef) :
Rabarijaona Tsirihasina

Mpanoratra (Rédacteurs) :
Tantsaha (Les pisciculteurs)
Mpiara-miombon'antoka (Les partenaires- organismes)
APDRA antenne Madagascar

Sary (Photos) :
APDRA antenne Madagascar

Kisarisary (Illustration) :
Razafindrakoto Christian
Randria Michel

Fanitsiana sy dika teny (Correction et traduction) :
APDRA Antenne Madagascar

Fiompiana trondro Miaraka amin'ny tantsaha

APDRA
Pisciculture paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence sociale
Antsirabe-MADAGASCAR
Tel : (261) (20) 44 915 85
(261) (20) 44 489 89
lvrp@apdra.org